Laharana faha 109 Alahady 24 aprily 2011

Ny Gazety Paris

EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE- PAROISSE DE PARIS

Editorial

« Jesosy fanomezan'Andriamanitra ho famonjena antsika.. »

(Jao 3:16)

"Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay" (Jao 3 :16),

Izany teny izany no hiarabana antsika tratr'izao Paska 2011 izao.

Io Toko sy andininy voalaza etsy ambony dia toa efa mahazatra antsika ny mihaino sy mamaky izany nefa tena miorina sy mifototra amin'io andalan-tsoratra masina io ny antony hankalazana ny Paska, satria nohon'ny fanehoan'Andriamanitra ny Fitiavany no namonjeny antsika fa tsy nohon'ny herintsika na ny asa vitantsika (I Jao. 4: 9-10).

Finoana no handraisana izany ary izany finoana izany dia miorina tanteraka amin'ny asam-pamonjena nataon'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy izay maty teo amin'ny hazo fijaliana nohon'ny fitondrana ny fahotan'izao tontolo izao, nitsangana tamin'ny maty ary velona sy manjaka eo anivon'ny fiainantsika sy ny fiangonana.

Tohiny PEJY 2

" PASKA FAMONJENA "

« Fa efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra »
Kol 3,3

Izany teny izany ry havana no entina miarahaba antsika tratr'izao andro Paska izao.
Vitan'i Jesosy ny famonjena antsika tamin'ny nandreseny ny fahafatesana.

Tena zava-dehibe ho an'ny fivavahana kristiana sy ho an'ny mpino io atao hoe **"Famonjena"** io. Misy lafiny roa mifamatotra mantsy fara fahakeliny no azo andraisana izany teny izany:
-Ny voalohany amin'ireny dia ny loharanon'ny famonjena. Avy aiza ny famonjena? Ary iza no manao izany?
-Ny faharoa kosa dia izay aterak'izany eo amin'ny fiainan'ny voavonjy.
Noho izany misy hevitra roa tsy misaraka fonosin'izany teny hoe "Famonjena" izany.

Tohiny PEJY 3

« Jesosy fanomezan'Andriamanitra ho famonjena antsika.. »

Tohiny

Izany finoana izany anefa tokony kolokoloina sy iainana ary zaraina ka hitondra fahazavana sy hery eo amin'ny manodidina antsika araka ny lohahevi-dehibe izay noraisin'ny fiangonana mandritra ity taona ity (Mat. 5 :16).

Ny hany tokana ahazoantsika manatanteraka izany dia ny firaisana tanteraka amin'ilay Jesosy Kristy izay nilaza fa raha misaraka aminy isika dia tsy mahefa na inona na inona (Jao 15 :5).

Izany fiombonana sy firaisana aminy izany dia eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiangonana no hanatanterahana izany. Fiombonana izay midika fa tokony hahay hihaino hatrany ny feon'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny famakiana sy ny fianarana ary ny fiainana ny Teniny, ary izay no antony nilazana tamintsika hatrany ny tokony hametrahana ny Tenin'Andriamanitra ho ivon'ny fiainan'ny fiangonana.

Tsy tokony hisaraka amin'izany fiombonana izany koa anefa ny firesahana aminy amin'ny alalan'ny vavaka eo amin'ny fiainana andavanandro, ka hangataka hatrany ny Fitarihan'ny Fanahy masina isika eo amin'ny fanantanterahana ny asa rehetra eo anivon'ny fiangonana.

Raha ny rafitra misy eo amin'ny fiangonantsika (cellule de prière, finoana sy vavaka, fotoam-pivavahana isaky ny azoma sy alahady…) dia tokony afaka miaina sy manolokolo tsara ny finoany ny fiangonana, koa manentana antsika mba handray anjara feno amin'ireny fotoana ireny ary ny Tompo Jesosy izay efa niantso antsika no hangatahina mba handresy lahatra sy handamina ny diarintsika mba ahazoantsika manao laharam-pahamena ny fanatrehana ireny fotoana ireny.

Dia mirary Paska feno fiombonana feno amin'i Jesosy ho antsika rehetra !

Roland Ratiarison

"Car ce qui vous a été annoncé et ce que vous avez entendu dès le commencement, c'est que nous devons nous aimer les uns les autres," **1Jean 3:11**

Herinandro Masina 2011 FPMA PARIS " mitory Firaisana "

Raha vao miteny hoe Herinandro Masina dia ny lalan'ny Hazofijaliana no mby ao an-tsaina avy hatrany. Ny marimarina kokoa angaha dia ny fahatsiarovana ny lalana nolalovan'ny Tompo ho any amin'ny Hazofijaliana mba hamonjena izao tontolo izao.

Nanamarika ny Herinandro Masina àry ny fanompoam-pivavahana isan-kariva natao teto amin'ny FPMA Paris.

Ny nampiavaka ity Herinandro Masina taona 2011 ity teto amin'ny tafo Paris, ankoatra ny fandraisan'anjaran'ireo sampana misy ao amin'ny fiangonana dia ny firaisan'ireo Fiangonana FPMA eto amin'ny Ile de France ny Azomà. Niaraka nanatontosa ny Fanompoam-pivavahana sy ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo tamin'izany ireo Mpitandrina avy amin'ny tafo FPMA teto amin'ny IDF ary ireo Antoko Mpihira isan-tafo kosa no nanatanteraka ny Antsam-panahy Zomà Masina.
Toa hita taratra sahady ny fahatanterahan'ny Vavaka nataon'i Jesosy ho an'ny mpianany hoe : 'Mba ho iray ihany izy rehetra tahaka ny mahiray antsika" (Jao. 17 : 11).

PASKA FAMONJENA, PASKA FIRAISANA

" PASKA FAMONJENA "

Famonjena: asa ataon'Andriamanitra ho an'ny mila vonjy

Hatrany amin'ny bokin'ny Genesisy ka hatrany amin'ny Apokalipsy, rehefa resahina ny atao hoe "Famonjena" dia tsy misy iadian-kevitra fa asa ataon'Andriamanitra izany. Anisan'ny fanakem-pinoan'ireo mpanao salamo izany: **"Fihirana fiakarana. Manopy ny masoko ho amin'ny tendrombohitra aho; Avy aiza ny famonjena ahy? Ny famonjena ahy dia avy amin'i Jehovah, Mpanao ny lanitra sy ny tany".**

Mizara roa eto izany famonjena izany:

1) Toe-javatra ratsy na toerana ratsy misy ny olona ka ny famonjena dia fanafahana amin'izany.

2) Ny famonjena koa anefa dia fampidirana amin'ny toe-javatra na toerana tsara izay hisian'ny fiadanana sy fahasambarana ho an'izay afaka teo amin'ny toerana ratsy.

Ohatra manazava izany tsara ny zanak'israely izay nafahan'Andriamanitra tamin'ny fanandevozana tany Egypta. Tena afaka tokoa ry zareo nefa tsy feno izany raha tsy efa tafiditra tany amin'ny Tany Kanana.

Inona ary no ilantsika famonjena?

Ny tenantsika na ny fiainantsika no antony ilantsika famonjena. Simban'ny fahotana izany ka iharan'ny fahafatesana. Tsy mahay manao izay sitrak'Andriamanitra fa ny mirona amin'ny fahotana sy ny faharatsiana mandrakariva. Ary raha tsy noho ny famonjena ataon'I Jesosy dia hiaran'ny fahafatesana mandrakizay.

Ny famonjena avy amin'Andriamanitra ho antsika eto dia io fandresana ny fahafatesana nataon'I Jesosy io. Koa izay mino an'I Jesosy dia efa naira-maty taminy. Nolazain'I Paoly hoe efa maty ianareo ary ny fiainanareo miara-miafina amin'I Kristy.



Inona ary no vokatr'izany?

Famonjena: vokatry ny asa nataon'Andriamanitra eo amin'ny voavonjy

Mazava ny voalazan'I Paoly eto: **"Fa efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra".**

Ny vokatry ny asam-pamonjena nataon'Andriamanitra ao amin'I Jesosy dia isika no lasa iray aina amin'Andriamanitra. Lasa rahalahin'I Jesosy isika. Koa satria ny ain'Andriamanitra tsy mety maty dia velona mandrakizay koa isika. Resin'I Jesosy ilay fahavalontsika dia ny fahafatesana.

Inona koa ny vokatr'izany hoe iray aina in'Andriamanitra izany?

Lasa iray fomba Aminy isika. Andriamanitra dia fitiavana koa noho izany ny mariky ny voavonjy dia ny fitiavana. Tena manana fitiavana ve isika?

Fitiavana mariky ny famonjena

Izany indray no hafatry ny Paska ho antsika ry Havana malala. Izay voavonjy dia iray aina amin'Andriamanitra ary mandeha amin'ny fitiavana tahaka Azy. Moa isika izay iray aina amin'Andriamaitra ao amin'I Jesosy Kristy tena miaina ny fiainany tokoa? Tena ananantsika ve ny fitiavany? Sao mbola olona mila famonjena lahy isika?

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE



HAFATRA PASTORALY AVY AMIN'NY FILOHAN'NY FPMA NOHO NY PASKA 2011

Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'I Jesoa Kristy, Ilay Vavolombelona mahatoky, Ilay Zanaka Lahimatoa sady voalohany natsangana ho velona avy tamin'ny maty, ary Ilay Filohan'ny mpanjaka amin'ny tany.

Hafatra faharoa ampitaiko aminareo ity, ry havana, taorian'ny Synoda Lehibe nataontsika tany La Rochette tamin'ny volana novambra lasa teo. Ao anatin'ny vanim-potoana fanamafisana orina isika FPMA ankehitriny.
Miroso isika amin'ny fanatsarana ny Fitsipika Anatiny sy ny Lalàna fototra (Statuts) mifehy ny FPMA. Misaotra sy mankasitraka ireo manam-pahaizana manokana (Experts) sy ireo olom-boafidy nirahin'ny Faritany (Commission Ad hoc) miasa tsy tapaka mandrafitra izany mba hotapahin'ny Synoda Lehibe manaraka ho raikitra. Kanefa, tsy ny lalàna sy ny Fitsipika no zava-dehibe, fa ny Fanahy enti-miatrika izany. «***Tsy misy nofo hohamarinina amin'ny lalàna eo anatrehan'Andriamanitra ; fa ny lalàna ino ahazoana ny fahalalana marina ny amin'ny ota***», hoy ny apostoly Paoly (Romanina 3, 20). Hanampy antsika hiorina tsara ireo, fa ambony kokoa ny fiainam-panahy sy ny fiorenan'ny finoantsika amin'i Jesoa Kristy Lohan'ny Fiangonana.

Andriamanitra velona no tompointsika sy inoantsika, fa tsy Andriamanitra maty. Hoy ny hafatry ny apostoly, hoe : «Raha tsy nitsangana velona i Kristy dia tsy misy fotony izay torinay, ary tsy misy fotony izay inoanareo.» I Kôrintianina 15, 14. Moa tsaroantsika FPMA eo amin'ny fiainan'ny Tafo tsirairay, ny Faritany tsirairay, ny Foibe ve izany ? Betsaka ny zava-manahirana atrehintsika, kanefa matoky sy manana fanantenana isika fa tsy maintsy ho mpandresy, noho Ilay Tompontsika efa Mpandresy talohantsika. «Amin'izany rehetra izany anefa, dia efa mpandresy tanteraka isika amin'ny alalan'Ilay tia antsika.» Romanina 8, 37. Manainga mandrakariva sy mampahery anareo àry izahay, mba tsy ho kivy sy hifanilika andraikitra, na hifampitsaratsara foana, fa tsy hohamaivanintsika kosa ny fiainam-panahy, ny fianam-bavaka, ny fiombonana sy fifikirana amin'ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra. Atreho, araka izay azo atao, ny fiofanana atolotray **Birao Foibe**, sy ny **Soritrasam-piangonana** (SAP) ary ny **Projet Laïc** ho antsika.
Mampahatsiaro anare o sy mampiomana amin'ireo Fotoan-dehibe iraisantsika vahoakan'ny FPMA amin'ity taona ity :

- **ny Isantaonan'ny Sampana Tily hatao any Parigne l'Eveque ny 30 aprily-01 mey**,

- **ny Fiofanan'ny Filoha sy ny Mpitahiry vola hatao eto Paris ny 21 mey,**

- **ny Fihaonamben'ny Sampana Sekoly Alahady hatao any Mejannes-le-Clap ny 02-04 jona,**

- **ny Fihaonamben'ny Sampana Tanora Kristiana (STK) hatao any Strasbourg ny 01-04 jolay,**

- **ny Isantaonan'ny Sampana Fifohazana ny 06-14 jolay,**

- **ny Zaikabe nasionaly hatao any Rouen ny 29-30-31 oktobra.**

Manonona ny Fiadanan'ny Tompontsika Jesoa Kristy ho aminareo tsirairay avy ary mitsodrano anareo rehetra samy hanao Paska sambatra. «Andriamanitra diia efa nitondra an'i Jesoa Tompontsika hiala amin'ny fahafatesana,i Jesoa Tompontsika Izay Mpiandry lehibe miahy ny ondry noho ny ra nafoiny ho antoky ny Fanekempihavanana mandrakizay. Andriamanitra Loharanon'ny fiadanana anie hahatonga anareo ho vonon-kanao ny asa soa rehetra hahatanterahanareo ny sitrapony; ka hataony ao anatintsika amin'ny alalan'I Jesoa Kristy anie izay sitrany. Ho an'I Jesoa kristy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay! Amena.» Hebreo 13, 20-21

Ny Filohan'ny FPMA
Rev. Dr Jean A. RAVALITERA

AINGA VOLANA MEY FPMA PARIS

MAI	Ven 6	Réunion Bureau
	Sam 7	SPORTILY
	Ven 13	**CULTE ET SAINTE CENE «PAROLE POUR TOUS»**
	Dim 15	EZAKA M/CAR
	Ven 20	VENDREDI FAMILIAL Thème «Revêtons les armes de la lumière: Transparence et sagesse»
	Ven 27	**CULTE DES JEUNES** Thème «Les langages d'amour de Dieu»
	Sam 26	LASY FPMA PARIS
	Dim 28	LASY FPMA PARIS